

# Famokarana verimboly avoanina



*Avoanina n°7*

## Tombotsoa

- Manome vilona maitso ho an'ny fiandohan'ny ririnina
- Manatsara ny rafitry ny tany no sady mahatanty hain-tany

## Karazany

Ny ankamaroan'ireo karazana fampiasa dia tsy mahatanty ny aretina arafesina. Tsy dia olana loatra anefa izany raha ho an'ny famokarambilona fotsiny :

- N°151 (Avoanina maintikely), manome vilona betsaka.
- N°7, somary mitady tany masaka kokoa.
- CA 153, navoakan'ny fikarohana vao tsy ela ary mahatanty kokoa ny arafesina

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | Mamboly | | | | Mampiasa | | | | |

## Fomba famboly sy fampivadiana azy amin'ny voly fihinana



*Tsaramaso voly rakotra*

Ny famafazana dia azo atao ny 15 janoary ka hatramin'ny martsa :

- atao voly mahaleotena aorian'ny :
  - ovy
  - tsaramaso
- na ampiarahina amin'ny voly fihinana :
  - katsaka (aorian'ny fiotazana tsaramaso)
  - soza, ka atao fafikatrana ao anatiny, iray volana mialohan'ny fiotazana
  - katsaka sy soza
- Ny tanjaky ny avoanina dia ahafahany maniry amin'ny sisan-jeziky ny voly teo aloha, afa-tsy amin'ny tany tena masiaka loatra
- Famafazana : mampiasa angady, voa 5 na 7 isan-davaka mielanelana 0,2 x 0,2 m (masomboly 0,8 kg/ara ho an'ny karazany n°151) na fafikatrana (1 kg/ara)
- Tsy ilaina loatra ny fiavàna. Raha atao izany dia ampiarahana amin'ny famafazana orea amin'ny fisandrahan'ny voly. (0,5 kg/ara)

## Fampiasana : vilona na rakotra

- Ny fotona fanapahana dia miankina amin'ny orana. Mba hahafahan'ny avoanina mitsiry aorian'ny fanapahana azy dia atao alohan'ny hanomezany voa izany (misondrodreny).

- Ny vokatra mety ho azo dia manodidina ny 30 - 80 kg/ara arakaraky ny fikojakojana sy ny isan'ny fanapahana (1 - 3, ampiarahana amin'ny fanampiana azota).

- AfakA mandresy karazana ahi-dratsy maro ny avoanina amin'ny alàlan'ireo raha aparitany.

- Mamelà hatrany sisan'avoanina ho rakotra mba hahatsara ny voly manaraka.

- Voly legiominezy (tsaramaso, soza..) no tsara atao mialoha azy. Mety koa ny giraminea (vary, katsaka…) fa mila mitondra azota fanampiny (orea 0,5 kg/ara). Raha masaka tsara ny tany dia tsy ilaina ny fanomanana manokana, fa afafy avy hatrany ny voly, saingy tapahana fotsiny aorian'ny misondrodreny ny avoanina.

**Voly azo atao ambony avoanina**



*Tsaramaso*



*Soza*



*Vary an-tanety*



# Voly vilona fahavaratra

## Tombotsoa

- Miantoka ny ankabeazan'ny filana vilona mandritry ny taona
- Vilona mamokatra sy be otrik'aina
- Azo tahirizina ho amin'ny main-tany
- Manatsara sy mampitombo ny vokatra ronono
- Mandonaka ny tany raha voakolokolo
- Miady amin'ny fikaohan'ny riaka ny nofon-tany



*Penisetoma*



*Birakaria*



*Kilaorisy*



*Desmodioma*

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Taona voalohany | Mamboly | | | Mampiasa | | | | | | | | |
| Taona manaraka | | Mampiasa | | | | | | | | | | |

## Fitsipika akapobeny

- Fampiarahana ny voly
- Fikolokoloana ara-dalàna
- Mampiasà rakotra fihinan'ny omby
- Safidio ireo voly sy rakotra mety amin'ny fahamasahan'ny tany

| | Fikarakarana ny tany sy ny fomba fambolena ny giraminea | Fanamasahana | Fambolena sy fikolokoloina |
|---|---|---|---|
| Tany nasaina | - Atao lalina ny asa, iray volana mialoha ny fambolena<br>- Mitondra dolomita sy zezika<br>- Miantoka ny fitsirian'ny voa ny fisian'ny orana aloha sy aorian'ny famafazana<br>- Potehina madinika ny bainga araka ny haben'ny voa<br>- Sorohina ny ahitra | • Dolomita :<br>- tany asidra 10 - 20 kg/ara.<br>- Amin'ny akapobeny 5kg/ara<br>• NPK 3 - 4 kg/ara | Masomboly :<br>- Zana-taho<br>- Zanak'ahitra (0,3 x 0,4 m)<br>- Voa : 200 - 250 g/ara |
| Voly rakotra | - Tsy esorina ny sisam-bokatra teo aloha<br>- Vonoina 10 andro alohan'ny fambolena ny ahi-dratsy : glyphosaty* 5,4 g s.f/ara + 2,4-D* sel d'amine 10,6 g s.f/ara<br>- Volena miaraka amin'ny voly fahavaratra fihinana ny vilona<br>- Volena miaraka na rehefa maniry ny voly fihinana mba hampihena ny fifaninanana (zana-bilona) | Mampiasa ny zezika tsy lanin'ny voly fihinana ny rakotra Mihalonaka ny tany (zezika mineraly voahodina) | Zezika fikolokoloana :<br>orea : 0,5 - 1 kg/ara eo am-pisandrahana sy aorian'ny fanapahana |

*Fanafody eny amin'ny tsena : * Glyphader© na Round-up© 15 ml/ara + 2,4-D sel d'amine 15 ml/ara*

## Fikolokoloina sy fanapahana

| Voly | Fotoam-panapahana | Elanelan'ny fanapahana (herin'andro) | Vokatra lanja maina kg/ara (isan'ny fanapahana/taona) |
|---|---|---|---|
| Penisetoma | Latsaky ny1,3m | 5 - 7 | 100 - 500 (3 à 4) |
| birakaria | Misondro-dreny | 4 - 6 | 60 -250 (2 à 3) |
| Kikio | Tanora | 5 - 6 | 60 -100 (2 à 4) |
| Kilaorisy | Tanora | 4 - 6 | 70 -160 (2 à 3) |
| Katsaka atao otribilona | Voa fitono | - | 50 - 80 (1) |

## Fampiaraham-boly azo atao

Ny giraminea mety amin'ny fahavaratra dia ny penisetoma (kizozi, relaza…), kikio (vilom-bazaha), birakaria (Brachiaria ruziziensis, B. brizantha, B mulato), kilaorisy, katsaka

Azo volena mitokana na miaraka amin'ny legiominezy toy ny desmodioma (mandalo dia raikitra), sy ny tirefila indrindra ho an'ny kikio. Ny fampiarahana ny giraminea amin'ny legiominezy dia manatsara ny sakafon'ny omby.



# Fanomezana sakafo ny ombivavy be ronono eto afovoan-tany

**Famahanana ombivavy = fanomezana sakafo ampy sy mifandaja mba hanatanterahana ny filàny (fitaizana ny vatana sy hamokarana) : Tolotra = Filàna**



*Brachiaria ruziziensis*

## Karazan-tsakafo

- Vilona maitso
  - novolena : penisetoma, kilaorisy, birakaria, avoanina, raigirasy … araka ny taom-pambolena
  - natoraly : maitso tsara, tsy misy poizina, ary mampazoto homana
- Vilona notahirizina : vilomaina, otribilona
- Sisan-javamaniry : mololo, taho maina
- Praovandy (katsaka, apombo, faikam-boanjo…)

## Fomba fitahirizana vilona

- Vilomaina : amin'ny alàlan'ny fanamainana ireo vilona manana taho madinika (kilaorisy, birakaria, tirefila…)
  - jinjàna amin'ny fotoana tokony hanapahana azy ny vilona (misondrodreny ho an'ny giraminea, mamelana kosa ho an'ny legiominezy)
  - amainina amin'ny andro tsara mandritra ny 2 - 4 andro ka avadibadika matetika
  - tahirizina amin'ny toerana maina sy tsy azon'ny rano



*Vilomaina*

- Otribilona : fanotrehana ireo vilona misy siramamy (katsaka, penisetaoma…). Azo atao koa ny mampifangaro azy amin'ny vilona hafa (legiominezy…)
  - jinjàna amin'ny fotoana tokony hanapahana azy ny vilona (efa tonga voa ho an'ny katsaka)
  - tapatapahana madinika (latsaky ny 3 sm)
  - fenoina haingana ny toeram-panotrehana ary hitsakitsahana hifatratra mba hiala ny rivotra
  - asiana sarony tsara mba ho fiarovana amin'ny rivotra sy ny rano
  - 2 volana taorian'ny nanotrehana azy dia azo ampiasaina ny otribilona, ary taperina iny vao mifindra amin'ny toeram-panotrehana hafa indray.



*Fitahirizana otribilona*

## Teti-pandaminana ny fanomezana sakafo

| DIARY | | Nov. | Déc. | Janv. | Fév. | Mars | Avr. | Mai | Juin | Juil. | Août | Sept. | Oct. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fahavaratra | Mamboly | Mamboly | Mamboly | Mamboly | | | | | | | | | |
| | Mampiasa | | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | | | | | |
| Verimboly | Mamboly | | | Mamboly | Mamboly | Mamboly | | | | | | | |
| | Mampiasa | | | | | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | | |
| Voly avotra | Mamboly | | | | | | Mamboly | Mamboly | Mamboly | | | | |
| | Mampiasa | Mampiasa | | | | | | | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa |
| Vilona notahirizina | Mitahiry | | | Mitahiry | Mitahiry | Mitahiry | Mitahiry | Mitahiry | Mitahiry | Mitahiry | | | |
| | Mampiasa ny tahiry : vilomaina, mololo sy otribilona | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa |




*Ombivavy mihinana vilomaitso*

## Fitsinjarana ny sakafo isan'andro

- Vilona (sakafo fototra). Ho an'ny ombivavy milanja 500 kg
  - araka izay laniny raha giraminea (hatramin'ny 90 kg isan'omby/andro) na otribilona (hatramin'ny 50 kg isan'omby/andro) na vilomaina (hatramin'ny 15 kg isan'omby/andro)
  - ferana ho 1/3 lanja maina ny sakafo manontolo raha legiominezy (eo ho eo amin'ny 20 kg isan'omby/andro eo ho eo) na 40 kg isan'omby isan'andro eo raha radia
- Fanampin-tsakafo
  - praovandy : fatra omena arakaraka ny ronono vokarina (zaraina in-telo raha mihoatra ny 7 kg isan'andro) ary ny fangarony kosa dia miankina amin'ny fatra sy ny kalitaon'ny vilona = tsy maintsy kajiana ny sakafo omena
  - fitondrana mineraly raha ilaina (vato lelaka, biriky filelaka, biriky siramamy… )
- Rano madio : akaikin'ny ombivavy hatrany ny fisotroan-drano, araka izay laniny (farafahakeliny 80 l/omby/andro)



# Vilona legiominezy an-tanety




## Tombotsoan'ny legiominezy

- Betsaka azota (16 - 28 % ny proteinina miohatra amin'ny raha maina). Tsara amokarana ronono.
- Fanatsarana ny fahalonaky ny tany sy fandraisana azota avy amin'ny rivotra.

## Maro ireo karazana sady azo atao sakafon'ny omby no atao rakotra hanamasahana ny tany :

- Sitilozantesy (*Stylosanthes guianensis*) : maharitra taona maro, maniry mitsangana mijidina, tsara ho an'ny faritra iva (< 1400 m)
- Desimodioma (*Desmodium uncinatum*) : maharitra taona maro, mandadina sy mandrazona
- Tirefila (*Trifolium semipilosum*) : maharitra taona maro sy manana taho mandadina misandrahaka
- Arasisy (*Arachis pintoï* ) : maharitra taona maro sy mandadina


*Sitilozantesy*


*Tirefila*


*Desimodioma*


*Arasisy*

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Taona voalohany | Mamboly | | | Mampiasa | | | | | | | | |
| Taona manaraka | | Mampiasa | | | | | | | | | | |

| | Fomba famboly | Fotoam-pambolena | Fanamarihana |
|---|---|---|---|
| Tany nasaina | Voa : 20 - 50 g/ara (desimodioma sy tirefila)<br>Zanany : mielanelana , 0,3m x 0,3m | Mandritra ny fahavaratra : novambra sy desambra | - Asio inaokioloma na afangaroy tany avy nisy voly salama teo aloha ny masomboly<br>- Mety raha volena miaraka amin'ny voly hafa (kikio, penisetoma, katsaka, hazo fihinam-boa) |
| Voly rakotra | Atao anelanelan'ny voly amin'ny alalan'ny voa na ny zanany | | |

## Fampiasana

• ho vilon'omby

- Atao amin'ny fiandohan'ny famelanana ny fanapahana voalohany ary isambolana ny manaraka
- Mety hahazoana salam-bokatra 60 - 80 kg/ara lanja maina isan-taona.
- Tsy mihoatra ny 30% ny lanja maina rehetra omena ny omby ny fatrany (mba hisorohana ny fikorontanan'ny fadevonan-kanina)

• ho rakotra velona mandritra ny fotoam-paniriany miaraka amin'ny voly fihinana sy hazo fihinam-boa. Miaro ny tany amin'ny fikaohan'ny riaka, mitazona ny hamandoana, mampihena ny fiparitahan'ny aretina (tsy mipitika ny fotaka) ary manome azota betsaka ny voly miara-maniry na mandimby azy.


*Voly miaraka giraminea/legiominezy*


*Katsaka+ arasisy*



# Ny birakaria : sady rakotra no vilona



*Brachiaria ruziziensis*

## Tombotsoa

- Voly maharitra sy mahatanty ny tany tena manta.
- Azo anombohana tsara ny fanajariana ny tany manta sy tapoka (tsy nampiasaina ela)
- Mora ny mamboly azy amin'ny alàlan'ny voa na zanany afindra miaraka amin'ny voly fihinana
- Tena voly tsara fanao rakotra : manatsara ny tany raha tsara tantana ary afaka miady amin'ny ahi-dratsy
- Anisan'ny vilona tsara raha ampiasaina maitso na hamainina

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Taona voalohany | Mamboly | | | Mampiasa | | | | | | | | |
| Taona manaraka | | Mampiasa | | | | | | | | | | |

## Fitsipika fototra

Amin'ny fomba voly rakotra dia ampiarahana amin'ny voly fihinana ny fambolena azy :

- na voa miara afafy aminy
  - arotsaka isan-davaka mielanelana 0,3 m, ny voa iray tsongo (60 - 70 g/ara)
  - arotsaka manara-tsoritra mitohy (200 g/ara)
- na zanany afindra, 1 volana aorian'ny nambolena ny voly fihinana, ka singany 2 isan-toerana mielanelana 0,3 m, avy nalòna tao anaty tain'omby miharo tany

Ny elanelan'ny soritra dia miova araky ny voly atao :

| VOLY MIARAKA | | | | | BIRAKARIA |
|---|---|---|---|---|---|
| Voly | Fotoam-pambolena | Fatra (g/ara) | Hatevina | Elanelan'ny soritra (m) | Isan'ny soritra anelanelan'ny voly |
| Katsaka | Okt. - Nov. | 200 - 250 | Voa 2 / lavaka mielanelana 0,5 m | 1 | 2 |
| Tsaramaso*, soza, voanemba, voanjobory, voanjo | Novambra | 500 - 1000 | Voa 2 / lavaka mielanelana 0,2 m | 0,4 | 1 |
| Vary | Okt. - Nov. | 600 | Voa 5 - 7 / lavaka mielanelana 0,2 m | 0,3 | 1 isaky ny laharam-bary 2 |
| Mangahazo** | Martsa - aprily | | Zanataho1 / m | 1 | 2 |

* Afaka manao verimboly tsaramaso: janoary - febroary
** rehefa 30 - 40 sm ny mangahazo dia volena ny birakaria

## Ny karazany

| Karazana | Tombotsoa | Fanamarihana |
|---|---|---|
| Birakaria "ruziziensis" | Anisan'ny vilona tsara sy mora fehezina mialohan'ny hambolena voly fihinana | Tsy dia velona ela loatra raha tsy voakolokolo (3 taona) |
| Birakaria "brizantha" | Tsy sarotiny loatra nefa be vokatra | Ny karazany tsara indrindra dia ny : Marandu |
| Birakaria "hybride mulato" | Sady tsara kalitao no be vokatra<br>Très stolonifère (fixation lavaka) | Raha mamboly dia famindràna zanany no tsara atao |
| Birakaria "humidicola" | Misandrahaka tsara ny fakany (mitazona ny lavaka)<br>Mahatanty mihandron-drano | Ela vao maharakotra ny tany.<br>Tsy dia tsara ho vilona. |
| Birakaria "decumbens" | Mahatanty kokoa ny hatsiaka | An-dàlam-panandramana |
| Birakaria "mutica" | Mahazaka tsara ny hamandona sy mihandron-drano | An-dàlam-panandramana |

## Fikolokoloina sy fanapahana

| Fanapahana | Vokatra lanja maina kg/ara (isan'ny fanapahana) |
|---|---|
| Fanapahana voalohany (6 - 8 herinandro aorian'ny fambolena) | Taona 1 : 40 - 60 (1 - 2) |
| Elanelan'ny fanapahana manaraka 1 - 1,5 volana | Taona manaraka : 150 - 250 (3 - 4) |



# Famokarana vilona amin'ny alalan'ny vary atao voly rakotra



*Vary ao anaty rakotra sitilozantesy*

## Tombotsoa

- Mitombo ny vokatra amin'ny fanaovana fifandimbiasam-boly
- Maivana ny asa atao
- Miitatra sy mihatsara ny famokarana vilona Afaka mamboly vary mialoha
- Manatsara ny firafitra sy ny tsiron'ny tany
- Miady amin'ireo aretina sy ireo bibikely mpanimba ny voly
- Mifehy ny firongatry ny ahi-dratsy

| | Fifandimbiasam-boly | DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A | Isan-taona/ an-taona maro | Taona voalohany | Mamboly vary | | | | Mijinja vary | | | | | | | |
| | | | | | | | Mampiasa mololo | | | | | | | |
| | Isan-taona | Taona manaraka | Mamboly vary | | | | Mijinja vary | | | | | | | |
| | | | | | Mamboly vilona | | Mampiasa vilona | | | | | | | |
| | An-taona maro | Taona faha-2 sy ny manarakaa | Mamboly vary | | Mampiasa vilona | | | | | | | | | |
| B | Isan-taona | | Mamboly vary | | | | Mijinja vary | | | | | | | |
| | | | | | | | Mamboly vilona | | | Mampiasa vilona | | | | |

A : Tanimboly Tanety / B : Tanimboly Tanimbary

## Fitsipika fototra

- Fidio ny tany tsara rafitra mety ho an'ny vary
- Tsara raha legiominezy ny voly mialoha ny vary (manome rakotra, mifehy ny ahi-dratsy, mandray azota amin'ny rivotra…)
- Voleo alohan'ny 15 novambra ny vary mba ho tsara ny vokatra (faran'ny oktobra raha eny amin'ny faritra ambonin'ny 1700 m)
- Mampiasà masom-boly voafantina

| | Fambolena | Voly ampifandimbiasana amin'ny vary | Fomba fambolena ny vary |
|---|---|---|---|
| An- tanety | Asàna tsara ny tany :<br>- voleo ireo voly manana faka matanjaka toy ny birakaria<br>- atao lalina ny asa tany<br>- anaovana otrik'afo asiana ovy arahina avoanina | - Katsaka + tsaramaso/avoanina<br>- Tsaramaso/avoanina + vesy<br>- Katsaka+ tsaramaso/avoanina + vesy<br>- Soza + avoanina + vesy<br>- Katsaka + tsaramaso/radia<br>- Katsaka + amberivatry | - Asio : glifosaty* 5,4 g sf/ara + 2,4-D sel d'amine* 10,6 gsf/ara alohan'ny fambolena<br>- Mampiasa masomboly voafantina toy ny FOFIFA 159,161… eny an-tanety na ireo efa famboly toy ny Botrakely,…) eny an-tanimbary, atao latsaboa 0,3 x 0,2 m ka voany 5 - 7 isan-davaka (0,6 kg/ara)<br>- Arovy amina imidachlopride** 0,9 g/kg + thirame** 0,25 g/kg ny masomboly<br>- Asiao zezim-pahitra 50 kg/ara sy NPK 1,5 - 2 kg/ara eo ampambolena, ary orea 1 kg/ara rehefa afaka 25 andro<br>- Ampidiro rano ny an-tanimbary rehefa afaka 1 volana |
| An-tanimbary | Atao marindrano ny tany ary tantanana tsara ny rano. Azo atao ny mamboly vary avy hatrany tsy mila miasa ny tany :<br>- atao aorin'ny voly legiomina (ovy, tongolo gasy,…). Eo am-pambolena dia asiana fanafody (pendiméthaline*** 10 g/ara, tsy maintsy tany mando) mba tsy hirongatra ny ahi-dratsy<br>- atao aorian'ny voly toy ny oriza | - Vesy<br>- Tirefila<br>- Raigirasy<br>- Avoanina<br>- Avoanina + vesy, tirefila, pitipoa na raigirasy. Ny radia (tsy dia manome rakotra) dia azo ampiarahana amin'ny vesy na avoanina | |

*Fanafody mahazatra hita eny amin'ny mpivarotra : * Glyphader© na Round-up© 15ml/ara + 2,4-D sel d'amine 15ml/ara / ** Gaucho© 2,5 g isaky ny masomboly 1 kg / *** Stomp© 30 sl/ara na Alligator 37,5 sl/ara*

## Fampiaraham-boly azo atao amin'ny vary

| | Famokarana vilona | Fotoam-mpambolena | Karazany | Fomba fambolena | Elanelan'ny voly |
|---|---|---|---|---|---|
| An-tanety | Verimboly | Janoary - febroary | Radia | Atao toratady isaky ny laharana vary 2 | Voany 3 na 4 isaky ny 0,5m (8 g/ara) |
| | | | Avoanina | | Voany 7 na 10 isaky ny 0,2 m (300 g/ara) |
| | Fahavaratra | Desambra | Birakaria | | Voany 6 na 8 isaky ny 0,3 m (30 g/ara) |
| An-tanim-bary | Voly avotra | Feb.-mar. alohan'ny fahamainan'ny tany | Vesy | Fafy katrana | (80 g/are) |

## Fikolokolona sy fanapahana

| Vokatra kg/ara | Akotry | Mololo |
|---|---|---|
| Tanety | 20 - 40 | 40 - 100* |
| Tanimbary | 30 - 50 | |

** Ny fandomana ny mololo amin'ny orea (1kg / rano 20 l / mololo 20 kg) dia manamora ny fandevonana sy fahabetsahan'ny mololo lanin'ny ombivavy*



# Famokarana vilona amin'ny alalan'ny katsaka atao voly rakotra



## Tombotsoa

- Ahazoana voa na vilona
- Tena tsara atao otribilona
- Fitomboan'ny katsaka vokatra
- Fanitarana sy fanatsarana ny famokarana vilona
- Manamaivana ny asa atao
- Manatsara ny firafitra sy ny tsiron'ny tany
- Miady amin'ireo aretina
- Mifehy ny firongatry ny ahi-dratsy

| Fomba fambolena | DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Katsaka otribilona | | Mamboly | | | | Manao otribilona | | | Mampiasa otribilona | | | | |
| Katsaka +voly fihinana + vilona isan-taona | | Mamboly katsaka + voly fihinana | | | Moty katsaka | | | | | | | | |
| | | | | Mamboly vilona | | Mampiasa vilona sy taho katsaka maina | | | | | | | |
| Katsaka + vilona maharitra an-taona maro | Taona voalohany | Mamboly katsaka | | | Moty katsaka | | | | | | | | |
| | | | | | | Mampiasa taho katsaka | | | | | | | |
| | | | | Mamboly vilona | | | | | | | | | |
| | Taona faha-2 sy ny manarakaa | | Mampiasa vilona | | | | | | | | | | |
| Katsaka + legiominezy maharitra an-taona maro | Taona voalohany | Mamboly katsaka | | | Moty katsaka | | | | | | | | |
| | | | | | | Mampiasa katsaka : otribilona na tahomaina | | | | | | | |
| | | | | Mamboly vilona | | | | | | | | | |
| | Taona faha-2 sy ny manarakaa | | Mampiasa vilona | | | | | | | | | | |

## Fitsipika fototra

- Mifidy tany masaka tsara
- Ny legiominezy no voly tsara atao mialohan'ny katsaka (manome rakotra, mifehy ny ahi-dratsy, mandray azota amin'ny rivotra…)
- Mampiasa masom-boly voafantina, sy mamokatra tsara ary mahataty rivotra.

| | Voly rakotra | Voly ampifandimbiasana amin'ny katsaka | Fomba fambolena ny katsaka |
|---|---|---|---|
| Ambony sisam-bokatra | Asàna tsara ny tany :<br>- voleo ireo voly manana faka matanjaka (birakaria)<br>- atao lalina ny asa<br>- anaovana otrik'afo asiana ovy arahina avoanina | Katsaka + tsaramaso/avoanina<br>Tsaramaso/avoanina + vesy<br>Katsaka + soja+ avoanina+vesy<br>Soja+ avoanina+vesy<br>Katsaka + tsaramaso/radia<br>Katsaka+ amberivatry<br>Vary<br>Vary + radia<br>Vary + avoanina | • Fanomanana ny tanimboly :<br>- raha sisam-bokatra : asio : glifosaty* 5,4g sf/ara + 2,4-D sel d'amine* 10,6 g sf/ara 10 andro alohan'ny fambolena<br>- raha rakobelona : jinjaina alohan'ny fambolena<br>• Famafazana :<br>- alohan'ny 15 novambra raha te hahazo voa, atao isaky ny 0,5 x 1 m , ka masomboly 2 - 3 isan-davaka (0,25 kg/ara) no ilaina<br>- afaka miandry janoary raha hatao ho otribilona, atao isaky ny 0,3 x 0,6 m ka voa 2 (0,6 - 0,8 kg/ara) no ilaina<br>• Fiarovana ny masomboly : imidachlopride** 1,75 g/kg + thirame** 0,5 g/kg<br>• Zezika : zezim-pahitra 50 kg/ara sy NPK 1,5 - 2 kg/ara eo am-pambolena, ary orea 1 kg/ara 1 volana aty aoriana. Manampy orea 0,5 kg/ara rehefa afaka 2 volana, raha hamokatra voa. |
| Ambony rakobelona | Atao toy ny teo ambony ny fanomanana, ary ampiarahina amin'ireo rakobelona (desimodioma, tirefila…) ny voly fihinana (vary, katsaka…) | Azo volena katsaka tsy miato eo ambonin'ny legiominezy natao rakobelona | |

*Fanafody mahazatra hita eny amin'ny mpivarotra : * Glyphader na Round-up 15ml/ara + 2,4-D sel d'amine 15ml/ara / ** Gaucho 5 g isaky ny masomboly 1 kg*

## Associations possibles avec le maïs

| Famokarana vilona | Karazana | Fomba fambolena | Daty mpambolena | Elanelan'ny voly |
|---|---|---|---|---|
| verimboly | Radia | SLaharana 2 - 3 eo anelanelana katsaka | Janoary - febroary | Voany 3 - 4 /lavaka 0,2 m ( 20g/ara) |
| | Avoanina | | | Voany 7 -10 isaky ny 0,2 m (600 g/ara) |
| fahavaratra | birakaria | | Novambra (miaraka volena) | Voany 6 - 8 isaky ny 0,3 m (60 g/ara) |
| | | Zanany, laharana 1 - 2, eo anelanelana katsaka | Desambra (volena 1 volana aty aoriana) | Zanany 2 isandavaka mielanelana 0,3 m |
| | Desmodioma/Tirefila | | Novambra | |

## Fikolokoloina sy fanapahana

| Vokatra kg/ara | Voa | Vilona |
|---|---|---|
| Famokarana voa | 20 - 50 | 60 - 120 |
| Famokarana otribilona | - | 300 - 400 |



# Vilona atao voly avotra eny an-tanimbary

## Tombontsoa

- Sakafon'ny ombivavy be ronono mandritra ny main-tany
- Vilona ambony kalitao sady mahatanty fanala
- Voly rakotra
- Mampitombo ny voka-bary manaraka
Mamokatra ny tanimbary amin'ny ririnina



*Raigirasy*



*Avoanina*



*Tirefila*



*Vesy*

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Mamboly vary | | | | Mijinja vary | | | Mampiasa vilona | | | | |
| | | | | | Mamboly vilona | | | | | | | |

## Fitsipika fototra

- Misafidy tanimbary mora ritina
- Tsy tsara ny tanimbary be tanimanga
- Mampiasà karazany mahatanty aretina (harafesina)
- Atao aloha ny famafazana ahazoana vokatra betsaka

| | Fiomanana | Fambolena | Fatran'ny voa afafy | Zezika |
|---|---|---|---|---|
| Tany nasaina | • Tatarina manodidina ivarinan'ny rano, asiana tatatra isaky ny 3 - 5 m<br>• Mamboly raha vao miala ny vary<br>• Kajiana ny fahampian'ny rano | - Fafy saritaka na tora-tady mielanelana 0,2 m<br>- Zanak'ahitra isaky ny 0,3 x 0,3 m | - Avoinina<br>0,8 - 1,2 kg/ara<br>- Raigirasy<br>0,15 - 0,2 kg/ara<br>- Vesy<br>0,1 - 0,3 kg/ara<br>- Tirefila<br>20 - 30 g/ara<br>(na zana-bilona 1100/ara) | Itondrana zezika betsaka ny vilona :<br>- zezi-pahitra 200 kg/ara (afafy alohan'ny famotehana ny bainga)<br>- NPK 3 kg/ara<br>- Orea 0,5 - 1 kg/ara eo am-pisandrahana sy aorian'ny fanapahana |
| Voly rakotra | | - Fafy anaty lavaka isaky ny 0,2 x 0,3 m na saritaka alohan'ny fijinjana ny vary (vesy)<br>- Zanak'ahitra tirefila isaky ny 0,3 x 0,3 m | | Itondrana zezika betsaka ny vary, mampiasa ny tsiron-jezika tsy lanin'ny vary ny vilona :<br>- zezi-pahitra 50 kg/ara<br>- NPK 1,5 à 2 kg/ara<br>- orea 1 kg/ara |

## Fampiarahana azo atao

- Ireo karazam-boly eny an-tanimbary na amin'ny tany azo ampidiran-drano amin'ny main-tany dia ny : raigirasy, avoanina, vesy ary tirefila fotsy.
- Azo volena mitokana na miaraka
- Ny voly afaka miaraka dia :
  - raigirasy sy avoanina
  - raigirasy sy tirefila
  - avoanina sy tirefila
  - avoanina sy vesy
  - avoanina sy petipoa

## Fikolokoloina sy fanapahana

| Voly | Fotoam-panapahana | Vokatra lanja maina kg/ara (isan'ny fanapahana) |
|---|---|---|
| Raigirasy | Alohan'ny misondrodreny | 80 - 150 (3 - 5) |
| Avoanina | Alohan'ny misondrodreny | 50 - 90 (2 - 3) |
| Tirefila | famelanana | 60 - 80 (3 - 4) |

Arindra amin'ny fanapahana ny raigirasy sy avoanina ny fanapahana ny voly miaraka aminy



# Vilona atao verimboly an-tanety

## Tombontsoa

- Sakafo amin'ny fiandohan'ny main-tany (tetezamita)
- Karazam-bilona vokatra haingana
- Mahatanty hatsiaka

Mandimby ny voly toy ny tsaramaso, ovy…

- Azo volena miaraka amin'ny katsaka na ny vilona giraminea (kilaorisy, birakaria, setaria)



*Radia*



*Avoanina*



*Raigirasy*

| DIARY | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Mamboly | Mamboly | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | Mampiasa | | |

## Fitsipika fototra

- Misafidy tany masaka na mitondra zezika betsaka
- Mampiasa masomboly voafantina
- Kajiana ny fahampian'ny rano (raigirasy)
- Karakaraina tsara (fiavàna, fitondrana orea, fanapahana ara-potoana...)

| | Fanomanana ny tany | Zezika kg/ara | Fambolena sy fikolokolona |
|---|---|---|---|
| Tany nasaina | Fiasana sy famotehana ny bainga raha vao miala ny voly teo aloha | Miankina amin'ny zezika natao tamin'ny voly teo aloha, mitondrà :<br>- dolomita : 0 - 5<br>- zezi-pahitra : 0 - 100<br>- NPK : 2 - 3 | • Atao fafy (avoanina 0,8 - 1 kg/ara, raigirasy 200 g/ara) :<br>- saritaka<br>- toratady mielanelana 0,2 m<br>- anaty lavaka : 0,2 x 0,2 m |
| Voly rakotra | - Tsy esorina ny sisam-boly teo aloha<br>- Azo afafy anaty voly efa maniry toy ny tsaramaso. | Mampiasa ny tsiron-jezika tsy lany teo aloha ny voly manaraka<br>Mihalonaka ny tany | • Fafy anaty lavaka (radia : 20 g/ara) : 0,5 x 0,2 m (2 - 3 voa / lavaka)<br>• Zezika fanampiny ho an'ny giraminea : orea 1 kg/ara eo ampisandrahana sy aorian'ny fanapahana |

## Fampiarahana azo atao

- Ny karazam-bilona mety amin'ny anelanelam-potoana dia ny : avoanina, radia ary raigirasy
- Azo volena mitokana na anaty voly fihinana efa maniry na volena miaraka amin'ny voly hafa.
- Afaka miaraka amin'ireo ny voly fihinana toy ny Katsaka sy ny vilona toy ny birakaria sy kilaorisy.

## Fikolokoloina sy fanapahana

| Voly | Fotoam-panapahana | Vokatra lanja maina kg/ara (isan'ny fanapahana) |
|---|---|---|
| Avoanina | 2,5 volana aorian'ny famafazana | 40 - 70 (1 - 2) |
| Raigirasy | 2,5 volana aorian'ny famafazana | 40 - 70 (1 - 2) |
| Radia | 2,5 volana aorian'ny famafazana | 80 -120 (voly manontolo) |